

Me Willy "Olala" Razafinjatovo

Samy taitra daholo na izahay havany (zanakolompirahavavy izahay), na ny mpiara-miasa aminy, na ny tapaka na ny namana na ireo olona rehetra narovany amin'ny maha mpisolo vava (*"avocat"*) azy.

Fito polo taona mahery (76 no tena marina) izy  izao lavon'ny aretina covid-19 izao, teny amin'ny hopitaly manara-penitra etsy Andohatapenaka.

Efa niomana ny hody any an-tranony izy kanjo... Izay tokoa no lahatra.




YOUTUBE.COM
**Me Willy O La La 13 mai 2013**

Raha tsiahivina dia tamin'ny tolon'ny mpianatra tamin'ny volana mai 1972 i Me Willy no nomenay mpianatra io anaram-bositra *"Olala"* io. Satria isaky ny niteny izy, rehefa nanetana teo amin'ny kianja filalaovam-baolina kitra ao Ankatso dia tsy maintsy asiana

*"Oh la la ! "*
hatrany ny fehezan-teniny. Raiki-tampisaka io anarana tsy ho adino mandrakizay.



Taty aoriana dia isan-taona no tsy maintsy mametraka fehim-boninkazo eo amin'ny kianjan'ny 13 May eo Analakely i Willy Olala, miaraka amin'ireo mpikambana ao amin'ny *"Hetsika 13 Mai 72"* .

Mba ho fahatsiarovan-tsika sy hanomezako voninahitra farany an'io zokiko io, dia ireo ny sary sy ilay video mirakitra ny fanambazany teo amin'io toerana io, tamin'ny 13 mai 2013, efa ho sivy taona lasa izay.



Tsy aiko ny mamangy tena fa eo anilan'i Caya vadiny sy ny zanaka aman-jafiny ao am-po sy ao am-panahy izaho sy ny ankohonako eto an-toerana, ary koa ireo ankizy any andilambato any.

Ny alarobia 26 janoary i Me Willy Olala no nalevina eny Ivandry.

Mandria am-piadanana Willy a !



**Jeannot Ramambazafy mianakavy sy ny mpiara-miasa eto aminy madagate**